# BOKY MISY TOROLALANA AMIN'NY FANANGANANA LMMA




**SEED Madagascar**

**2021**

seed madagascar
sustainable environment, education & development

UKaid
from the British people

DARWIN INITIATIVE

MIHARI
Madagascar Locally Managed Marine Area Network

Mpiandriaky Miray Sainte Luce

MAEP
MINISTERE DE L' AGRICULTURE, DE L'ELEVAGE ET DE LA PÊCHE

# BOKY MISY TOROLALANA AMIN'NY FANANGANANA LMMA


**Novokarin' i SEED Madagascar**

**Mpanao sary Beth Dickens**

**Ny governemanta UK no namatsy vola ity boky misy torolalana ity tamin'ny alalan'ny Darwin Initiative.**

# Inona ny LMMA?


**Ny LMMA dia fomba anakiray fitantanana ny harena an-dranomasina ataon'ny fokonolona eny ifotony mba ho tombontsoan'ny fokonolona sy ny tontolo iainana ary holovain'ny taranaka faramandimby. Ny LMMA dia antsangan'ny fokonolona ho an'ny fokonolona.**





A. Aire marine et côtière


B. Participation de l'ensemble des utilisateurs locaux

## Inona ny masotsivana mamaritra ny famoronana sy ny fampiroboroboana ny LMMA eto Madagasikara?






C. Gestion durable





D. Gouvernance locale

# Iza daholo no mpandray anjara ao amin'ny LMMA?

Ny LMMA dia hita eran'ny Madagasikara




Ny mpanjono



Ny fokonolona rehetra





Chef Fokontany



Collecteurs




Rabbateurs

Ny olona mpanamboatra fitaovam-panjonoana



Ny raiamandreny an-tanana



Ny sasany dia anatin'ny mandray anjara fa tsy mpanapakevitra

Ny sehatra tsy miankina




Mpiasan'ny ONG



# Inona ny antony ananganana LMMA?


**Ny mety ho endrikendrikin'ny fanjonoana misy LMMA raha mitaha amin'ny fanjonoana tsy misy LMMA indray andro any…**




Misy LMMA

Tsy misy LMMA


**Fitomboana amin'ny fotoana fohy ny vola miditra mandritra ny fotoana isokafan'ny faritra arovana (limity)**






**Afaka mamonjy fivoriana ianao**

**Afa mandray anjara amin'ny fanapahan-kevitra momba ny dina**





Afaka mifandray amin'ny Direction Régionale de l'agriculture, de l'élevage et de la pêche (DRAEP) ianao

Afaka mizara amin'ny fokonolona ny zavatra nianaranao na hainao ianao



# Ny fomba fananganana LMMA

**1. Fankatoavan'ny fokonolona: Manao fivoriam-pokonolona miaraka amin'izay rehetra tafiditra ao anatiny toy ny mpanjono, ny Sefo fokontany, ny to-teny, sy ny rayaman-dreny an-tanana ary ny olona tsy mpanjono.**




**2. Tapa-kevitra ny rehetra fa hanangana LMMA.**





**3. Manangana rafi-pitantanana: Mifidy komity mpitantana hiandraikitra ny fanatanterahana ny asa sy ny fifandraisana amin'ireo mpiara-miombonantoka hafa toy ny ONG na olona hafa afaka manohana na mahazo tombontsoa amin'ny LMMA.**







**Manampy ny LMMA hahatratra ny tanjony ny komity mpitantana. Ny tanana tsirairay dia mifidy olona hompikambana ao anatin'ny komity mpitantana.**





**Tokony hisy ny fivoriambe. Ny komity mpitantana sy ny to-teny isakin'ny tanana no mandrafitra ny fivoriambe. Ao anatin'ny fivoriambe no anapahana hevitra farany mahakasika ny tolo-kevitra azo isakin'ny tanana. Ireo olona ao anatin'ny fivoriambe ireo dia misolotena ny tananan'izy ireo tsirairay avy.**




**4.** **Fananganana fepetra momba ny fitantanana: Statut. Mila manao staut ny komity mpitantana. Tahirin-kevitra momba ny fananganana LMMA, manambara ny fomba fitantanana azy sy ny olona rehetra tafiditra ao antiny. Mila ny fandraisan'anjara sy ny fankatoavan'ny fokonolona sy ny fivoriambe ny komity mpitantana.**



**5.** **Fananganana fepetra momba ny fitantanana: Dina. Ny fokonolona rehetra sy izay rehetra voakasikin'ny fepetra momba ny fitantanana dia tokony handray anjara amin'ny fananganana dina. Miady hevitra mikasika ny fepetra momba ny fitantanana ny LMMA. Izy ireo dia fitaovana manampy amin'ny fitantanana ny harena an-dranomasina amin'ny fomba mahomby.**





**6.** **Vakina amin'ny fokonolona rehetra ny dina mba hahazoana ny fankatoavina. Avy eo entina amin'ny fivoriambe mba hanamarinana fa mifanaraka amin'ny lalana velona mifehy ny jono io dina io.**




**7.** Raha vao eken'ny fokonolona ny voasoratra ao anatin'ny dina dia azo eken'ny fivoriambe. Raha vao ekena amin'ny fivoriambe ny dina dia azo ampiharina ka ny rehatra dia tsy maintsy manaja azy.




**8.** Rehefa nankatoavina ao amin'ny fivoriambe ny dina dia entina eo anivon'ny kominina. Izany no atao mba hanohanana sy hampiharan'ny manampahefana an-toerana ny dina.





**9.** Azo atao ihany koa ny mangataka fankatoavana ara-panjakana ny dina. Azo atao eny Fort-dauphin izany fa mety haharitra an-taona vao tonga amin'izany dingana izany. Na dia izany aza dia efa azo ampiharina ny dina mandram-pahazoana fankatoavana ara-panjakana.


# Ny fomba fitantanana LMMA

**Ireo fotokevitra lehibe telo etina mitantana ny LMMA: Fitantanana, Fampiharana ny dina, Fanarahamaso ataon'ny fokonolona.**



# Ny olana sy ny fomba famahana azy

**Ny olana mety hitranga: Mpanjono avy amin'ny tanana hafa tonga hanjono eo aminareo.**



**Vahaolana azo aroso: Tenenina izy fa tsy afaka manjono raha tsy miseho amin'ny Sefo fokontany sy ny komity. Hazavaina aminy koa fa tsy maintsy manaja ny dinan-dranomasina eo an-tanana izy.**



**Ny olana mety hitranga: Misy olona milaza fa tsy mangarahara ny fitantanan'ny komity ny vola azo amin'ny vonodina.**




**Ny vahaolana azo aroso: Ambara ny rehetra ny mahakasika ilay vonodina. Ohatra ny totaliny sy ny nampiasana azy. Ny rehetra dia tokony handray anjara amin'ny fifidiana komity. Ny fokonolona ihany koa no manapaka ny fotoana ifidianana komity.**



**Olana mety hitranga: Tsy ampanadraisina anjara amin'ny fanapahan-kevitra ny vehivavy.**



**Ny vahaolana azo aroso: ilaina ny hahatsapan'ny rehetra fa ny vehivavy dia mandray anjara amin'ny fitantanana ny jono satria ry zareo no mikarakara ny hofana, ny fitaovana ilaina amin'ny vovo, manao rabbateur sy collecteur ary mitantana ny vola miditra ao anaty tokantrano.**



**Ny vehivavy dia tokony handray anjara amin'ny fivoriana, sy fifidianana ary ny fanapahan-kevitra amin'ny fitantanana.**



# LMMA ao Sainte Luce

**Ny hany tanana mpanjono oratsimba nanangana LMMA.**




**Ny antony dia noho ny fahatsapan'ny mpanjono ny olana misy eo aminy…**

Taty aoriana dia nahatsikaritra ny mpanjono fa tena nisy fihenany be ny isan'ny oratsimba

Tena miasa mafy ry zareo mampiasa vovo maro nefa vao maika mihena mihena ihany vokatra



Mitombo ny isan'ny mpanjono. Tena maro be raha mitaha teo amin'ny taloha

Ny mpanjono sasany tsy nanaja ny dinan-drazana ka namono antoka an'ireo izay nanaja

Nanapakevitra ny hiova ny fokonolona ka nanangana LMMA mba hampitomboana ny isan'ny oratsimba ka handovan'ny taranaka faramandimby azy.





Tamin'ny 2013 ny ONG SEED Madagascar no nanomboka nanampy ny fokonolona eny Sainte Luce hanao fitantanana ny jono oratsimba.



Nanendry komity ny fokonolona mba hitantana ny LMMA. Nanangana dinan-dranomasina ihany koa ry zareo.







Ireto avy ny ampahany amin'ny voasoratra ao anatin'ny dina:



Famerana ny fitaovam-panjonoana azo ampiasaina




Sazy ho an'izay mandika dina





Fametrahana faritra arovana na limity izay misy fotoana ihidiany

Manaja ny lalana nasionaly ihany koa ny mpanjono:



Tsy azo atao ny maka oratsimba manatody





Tsy maka oratsimba tsy ampy refy




Tsy manjono oratsimba mandritra ny fihidiana nasionaly

Nanohana io dina io ny ONG SEED Madagascar sy ny fokonolona ary ny fanjakana. Nisy fihatsarana taorian'ny nananganana ny LMMA:




Niakatra ny vidin'ny oratsimba tamin'ny nanokafana ny faritra arovana na ny limity





Mitombo isa ny vehivavy mandray anjara amin'ny fitantanana ny LMMA



Maro ny lesona azon'ny mpanjono avy amin'ny tambanjotra MIHARI




Mampitombo ny fahaiza-manao sy manofana ny mpanjono amin'ny fomba fampiharana ny dina ny ONG SEED




Nahita izany fahombiazana izany ny fokonolona ao Elodrato ka tapakevitra ny nanangana drafi-pitantanana ihany koa!

**Natao ity boky ity mba hanampiana ny fokonolona mpanjono manampaniriana ny hanangana LMMA eto amin'ny faritra Anosy sy ny manodidina. Natao hampiasaina ho toy ny tari-dalana ity boky ity na dia fantatra aza fa tsy mitovy ny filana sy ny toe-java-misy eo amin'ny fiarahamonina tsirairay. Noho izany ny fepetra momba ny fitantanana ny jono eo aminareo dia tokony hahitana taratra izay mety aminareo sy ny fanjonoanareo.**